

# Ny loza nanjo an'i Houssayn (as)

**Cheikh Sadouq**



**Ny loza nanjo an'i Houssayn (as)**  
**Cheikh Sadouq**

## **Ny loza nanjo an'i Houssayn (as)**

Mpanoratra: Cheikh Sadouq (305-381 A.H.)

Mpandika teny: Ny ekipa Booky

Tranokala: houssayn.fr

Mpitoky: Éditions Booky

Fanontana voalohany, Desambra 2020

Endrika: 11 x 18 cm

ISBN: 978-2-37657-015-8

### **Éditions Booky**

Antananarivo - Madagascar

Tel : +261 32 86 651 31

Email : contact@editionsbooky.com

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ



**HOUSSAYN.FR**

*« Tena manana ohatra fakan-tahaka tsara (azo arahina) tokoa ianareo amin'ilay Irak'i Allah, ho an'izay manantena an'i Allah sy ny andro farany ary miantso an'i Allah matetika. »*

Ny Kor'âny masina, 33:21

# **FIZAHAN-TAKELAKA**

SASINTENIN'NY MPAMOAKA BOKY .....	7
SASINTENIN'NY MPANDIKA TENY.....	9
TOKO VOALOHANY HOUSSAYN TAO MADINA ..	18
TOKO FAHAROA HOUSSAYN (AS) EO AM-PANDEHANANA MIZOTRA MANKANY KOUFA...	26
TOKO FAHATELO HOUSSAYN (AS) TONGA TAO KARBALA .....	33
TOKO FAHEFATRA IREO ZAVA-NITRANGA NY ALIN'NY ACHOURA .....	36
TOKO FAHADIMY NY ANDRON'NY ACHOURA ..	40
TOKO FAHENINA IREO BABO TAORIAN'NY NAHAMARITIORA AN'NY IMAM HOUSSAYN....	60
FIZAHAN-TAKELAKA AMIN'NY ANTSIPIRIANY ..	77

# **SASINTENIN'NY MPAMOAKA BOKY**

Ashourâ dia maneho fahatsiarovana iray lehibe indrindra eo imason'ireo shiita maneran-tany, izay mahatsiaro isan-taona ny nahamaritiora an'i Houssayn (as), ilay zafin'ny Mpaminanin'ny Islâm, izay novonoina tao Karbala (Irak), tamin'ny taona faha-61 hidjriya.

Arak'izany, ny fanangonana ny vondron'ireo loharanom-boky voasoratra izay mitantara an'ity zava-niseho ity dia zava-dehibe tokoa ary hita fa betsaka amin'ny ankamaroan'ireo loharanom-boky tantara dia voasoratra amin'ny teny arabo. Taorian'ny famoahana ny bokin'ny Cheikh al-Mofid « Ny Maritioran'i Houssayn (as) », dia mahafaly ny manolotra ho an'ny mpamaky mampiasa teny malagasy, amin'ny alalan'ity boky ity, ny fomba fahazoana tsy azo hodivirana an'ireo loharanom-boky tantara. Amin'ny farany, ny

hafatr'i Houssayn (as) dia hanerana an'izao tontolo izao ka ireo fitsipi-pitondrantenany sy ireo foto-keviny dia hiantefa amin'ny olombelona na manao ahoana ny volo-kodiny, ny kolotsainy, sy ny fiteniny ary ny sarangany ara-piarahamponina.

Famoaham-boky Booky  
[contact@editionsbooky.com](mailto:contact@editionsbooky.com)

# **SASINTENIN'NY MPANDIKA TENY**

Ity raki-tsoratra « Ny loza nanjo an'i **Houssayn (as)** » nosoratan'ny Cheikh Sadouq ity dia mampiray ny fitambaran'ireo tantara, notsongaina avy tamin'ny boky *al-Amali* izay nosoratan'ilay tompon'io anarana io ihany.

## **ILAY BOKY AL-AMALI**

Ilay boky *al-Amali* dia mirakitra ny fandikan-tsoratra an'ireo lahatenin'ny Cheikh Sadouq, izay natao tao Mashhad (Iran), isakerinandro ny talata sy ny zoma, nanomboka tamin'ny faha-18 Rajab 367 H ka hatramin'ny faha-11 Sha'ban 368 H. Ilay manam-pahaizana lehibe shiita dia nampanao sora-tononina ireo tantara samihafa tamin'ireo mpianany izay noraiketin'izy ireo an-tsoratra araka ny teny tsirairay, ka izany no niavian'ilay teny hoe « **amali** » izay avy amin'ny teny hoe « **imla** » (املا) midika hoe « **sora-tononina** ». Izany no fomba nahazatra nampiasain'ireo manam-pahaizana sy ireo mpianatr'izy ireo, tamin'ny faran'ny taon-jato fahaefatry ny Hijra.

Ilay boky dia miresaka mikasika ireo lohahevitra samihafa izay mamebelatratra amin'ny ankabobeny momba ny fitsipi-pitondrantena, ny tantara sy ireo hatsarantoetran'ny Fianakavian'ilay Mpaminanin'ny Islam (*ny fitahian'i Allah anie ho Azy sy ireo Fianakaviany*). Ireo tantara ireo dia manomboka amin'ny fitohitohizan'ireo mpampita ny tantara, izay filazana iray mampisongadina ny fidadasiky ny fananan'ny Cheikh Sadouq fahaizana amin'ny lafiny mikasika ireo hadith islamika. Noho izany, taorian'ny nifantenany azy ireo araka ny fepetra noraisiny manokana tamin'ny fikarohana sy tamin'ireo hadith azo raisina, dia niaraka nosoratany ao avokoa ireo fitantarana avy amin'ireo shiita sy avy amin'ireo sonnah.

## **FAMPAHAFANTARANA AN'NY CHEIKH SADOUQ**

Abou Ja'far Mohammad Ibn 'Ali Ibn Houssayn Ibn Moussa Ibn Babawayh Al-Qommi, antsoina matetika hoe Cheikh Sadouq, dia iray amin'ireo manam-pahaizana shiita miavaka tamin'ny taonjato fahaefatry ny hijra. Izy dia zanak'i 'Ali Ibn Houssayn, izay manam-pahaizana sangany tamin'ireo manam-pahaizana tao Qom ary fiverenan'ny

olona amin'ny lafiny fahaizana momba ny hadith. Ity farany dia niantoka ihany koa ireo asan'ny mpahay lalàna, olona mahafatoky sy filohan'ireo mponina tao Qom.

Ny daty nahaterahan'ny Cheikh Sadouq dia tsy voafaritra mazava tsara, fa arak'ireo boky Kamal al-Dine sy al-Ghayba nosoratan'ny Cheikh Toussi, dia azo isintoman-kevitra fa izy dia teraka tamin'ny taona 305 H., nanarakaraka ny fahafatesan'i Mohammad Ibn 'Othman al-Amri, ilay faharoa amin'ny solontenan'ny Imam Mahdi (as).

Ary koa, Cheikh Sadouq izy tenany dia nilaza izao teny manaraka izao: « Taorian'ny nahafatesan'i Mohammad Ibn 'Othman al-Amri, ny raiko dia nanontany an'i Houssayn Ibn Rawh (ilay fahatelo amin'ny solontenan'ny Imam Mahdi) mba hampiseho ny hetahetany amin'ny Imam Mahdi (as): mivavaha mba hanomezan'i Allah ho azy fahasoavana amin'ny alalan'ny zanaka lahy iray. Telo andro taty aoriana, ny raiko dia nampahafantarina fa ny Imam dia namaly ny hetahetany ary i Allah dia nanome azy zazalahy. »

Ankoatr'izany, Cheikh Sadouq dia niaina tamin'ny vanim-potoana nanakaiky ny

niainan'ireo Imam (as), ary nanangona hadith maro dia maro avy tamin'ireo fianakavian'ny Mpaminany (Ahl al-Bayt). Arak'izany izy dia nanoratra azy ireo tao amin'ireo takela-boky maro samihafa manana hasiny lehibe sy malaza amin'ny lafiny fahalalana, ary noho izany, izy dia afaka nitondra fanampiana lehibe ho an'ny tantaran'ny shiisma sy afaka nanitatra izany ho an'ny tantaran'ny finoana islamo, toy ny nataon'ireo manam-pahaizana vitsivitsy.

Araka ny notantarain'ny Cheikh Toussi ihany koa fa ny Cheikh Sadouq dia nahay tsianjery hadith maro, ka nahatonga azy manam-pahaizana amin'ireo fahalalana manokana momba ny hadith, ary tsy nisy nitovy taminy momba izany tao an-tanànan'i Qom.

Tsara ny mahafantatra fa mihoatra ny telon-jato boky no nosoratany fa saingy mampalahelo fa ny ankamaroan'izany dia efa tsy hita intsony amin'izao androntsika izao. Ho an'ireo shiita mpanaraka an'ireo Imam miisa roa ambin'ny folo, ilay boky Man la Yahdhoroh al-Faqih izay nosoratany, dia anisan'ireo boky efatra lehibe izay fiverenana amin'ny lafin'ireo hadith, fa mbola misy ihany koa ireo bokiny hafa tena mavesa-danja sy

malaza tahak'ireto tanisaina manaraka ireto: Ma'ani al-Akhbar, 'Oyoun Akhbar al-Ridha, al-Khissal, 'Ilal al-Charayi' sy ny Sifat al-Shi'a.

Ankoatr'izany, ivelan'ny famokarany karazam-boky maro, dia nalaza tamin'ny famokarana mpianatra maro ihany koa izy. Anisan'izy ireo, ireo manam-pahaizana anankiroa tena malaza dia: ny Sayyid al-Mortadha sy ny Cheikh al-Mofid.

Cheikh Sadouq dia nandao an'ity fiainana eto an-tany ity tamin'ny taona 381H. Ary nalevina ao Ray, ao Atsimon'i Téhéran. Ny fasany dia fantatra amin'ny anarana hoe « Fasan'Ibn Babawayh » ary mitohy foana ny fitsidihan'ny olona azy hatramin'izao. Tamin'ny taona 1238, tamin'ny vanimpotoan'i Fath 'Ali Chah Qajar, dia nisy ny tondra-drano izay nanimba ny fasany. Koa na dia nisy efa an-jatony taona maro taorian'ny nahafatesany aza izany loza voajanahary izany, dia fantatra fa ny vatany dia mbola voatahiry tsara amin'izany toerana izany.

## **FANAMARIHANA VITSIVITSY**

- Ho fiarovana ny lahatsoratry ny tompon'ny boky sy hanavahana ny lahatsoratra fototra amin'ireo hevitra nampiana: ireo fanazavana nentina mba

hahazoana tsara kokoa ny tantara dia natao ao anatin'ny fonosana [ ].

- Ireo lohaten'ireo toko dia nisy nanampiana mba hanomezana endrika tsara kokoa sy fahazoana ny lahatsoratra.
- Ireo teny Ibn (zanakalahin'i) sy ny Bint (zanakavavin'i) dia nafohezina ka nosoloina ho (b.) fotsiny. Ohatra: 'Ali b. Houssayn dia midika hoe 'Ali zanak'i Houssayn.
- Ny fanafohezan-teny (as) dia manambara ireo fehezanteny hoe « 'alayhi salam », « 'alayha salam » na « 'alayhim salam » izay midika amin'ny teny malagasy hoe « fiadanana anie ho azy (lehilahy) », « fiadanana anie ho azy (vehivavy) » na « fiadanana anie ho azy ireo » ; ny fanafohezan-teny ihany no natao na dia voasoratra ao amin'ny lahatsoratra fototra aza izany.
- Ny fanafohezan-teny (ra) dia manambara ireo fehezanteny hoe « rahmat Allah 'alayhi / 'alayha / 'alayhim » na « ridhwan Allah 'alayhi /'alayha /'alayhim » izay midika amin'ny teny malagasy hoe « ny famindrampon'i Allah anie ho azy (lehilahy)/ho azy (vehivavy)/ho azy ireo » na « ny fifalian'i Allah anie ho azy (lehilahy)/ho

azy (vehivavy)/ho azy ireo » ; ny fanafohezan-teny ihany no natao na dia voasoratra ao amin'ny lahatsoratra fototra aza izany.

• Ny fanoratana ireo anarana sy ireo voabolana arabo amin'ny teny latinina dia tsy mifanaraka amin'ireo fampianarana mahazatra. Nytsara kokoa dia ny miverina amin'ny fomba fanoratana amin'ny teny malagasy malalaka mba hisorohana ny mpamaky teny malagasy amin'ny tsy fanajana loatra ny fanononana ny teny arabo. Marihina fa ilay famantarana (‘) misoratra eo alohan'ny teny arabo iray dia maneho ny fanononana ilay litera ‘ayne (Ξ).

## **FISAORANA**

Izaho dia maneho ny fankasitrahako ho an'izay olona rehetra nandray anjara mivantana na ankolaka tamin'ny fanatontosana an'ity boky ity. Tsy misy isalasalana, fa vokatry ny ezaka niombonana izy ity noho ny Fahasoavany.

Enga anie i Allah hankasitraka an'ity asa ity!

Ny ekipa Booky  
Zoma 6 Novambra 2020  
Antananarivo (Madagasikara)

**Majlis fahatelopolo:** Majlis tamin'ny Sabotsy faha-09 Moharram taona faha-368 (A.H.)

Ny nahamaritioran'i Houssayn b. 'Ali b. Abi Talib (as).

### **NY TETEZAN'OLONA NIAMPITAMPITAN'NY FOTOTRY NY TANTARA**

Ilay manam-pahaizana ambony sy madio fo ny Cheikh Abou Ja'far Mohammad b. 'Ali b. Houssayn b. Moussa b. Babawayh al-Qommi (hankasitrak'azy anie i Allah) dia nilaza marina taminay hoe:

Mohammad b. 'Omar al-Bagdadi al-Hafiz (hamindrafo aminy anie i Allah) dia nilaza taminay hoe:

Abou Sa'id al-Hassan b. 'Othman b. Ziyad al-Toustari dia nitantara taminay mikasika ny bokiny hoe:

Ibrahim b. 'Obaydullah b. Moussa b. Younous b. Abi Iss-haq al-Sobay'i, mpitsara tao Balkh dia nilaza taminay hoe:

Mourayssa bint Moussa b. Younous b. Abi Iss-haqizay anabavin-draiko dia nilaza tamiko hoe:

Safiyya bint Younous b. Abi Iss-haq al-Hamdaniyya, izay anabavin-draiko dia niteny tamiko hoe:

Bahjat bint Harith b. Abdallah al-Taglabi dia nitantara tamiko araka ny voarainy avy tamin'ny anadahin-dreniny i Abdallah b. Mansour, izay anisan'ny zanaka arapinonoana avy amin'ny zanak'i Zayd b. 'Ali (as):

Izaho dia niangavy an'i Ja'far b. Mohammad b. 'Ali b. Houssayn (as):

Tantarao amiko ny nahamaritioran'ny zanak'ilay Irak'i Allah (ny tso-drano sy ny firarian-tsoan'i Allah anie ho azy sy ny fianakaviany).

Namaly ahy izy hoe:

Ny raiko dia nitantara tamiko avy tamin'ny rainy hoe:

# **TOKO VOALOHANY HOUSSAYN (AS) TAO MADINA**

## **NY FARAHAFATR'I MO'AWIYAH**

Rehefa i Mo'awiyah no teo ambavahaonan'ny fahafatesana, dia nantsoiny ilay zanany i Yazid (hanozona azy anie i Allah), nasainy nipetraka teo akaikiny nialohan'ny nilazany taminy nanao hoe: «Ô ry zanako, nataoko niondrika teo aminao ireo mpanompo mafy loha, nataoko nihanatanjaka ho anao ireo faritany, napetrako ny fanjakana sy izay rehetra momba azy mba ho eo ambany fiahianao, nefo kosa matahotra aho ny amin'ireo olona telo izay manohitra anao mafy izaitsizy. Ireto avy izy ireo: i 'Abdallah b. 'Omar b. al-Khattab, i 'Abdallah b. Zobayr sy Houssayn b. 'Ali.

Ny amin'i 'Abdallah b. 'Omar, izy dia miaraka aminao, nefo araho maso hatrany izy ary aza avotsotra.

Fa momba an'i 'Abdallah b. Zobayr indray, dia montsano ho potipotika izy raha resinao, fa izy dia hiandry eo am-pitsikilovana toy ny liona manoloana ny hazany sy hanohitra anao

an-kafetsena toy ny amboadia eo anatrehan'ny alika.

Farany, mikasika an'i Houssayn, dia fantatrao tsara ireo rohim-pihavanany amin'ilay Irak'i Allah.Izy dia miray rà sy nofo aminy. Ary hainao tanteraka fa ireo mponina ao Irak ireo dia tsy hitsahatrany hiantso azy hatramin'ny fanohanana azy ho any amin'ny fikomiana mialohan'ny handaozana sy handavana azy. Raha mahafehy azy ianao, dia mamelà azy, satria izy dia manana anjara toerana iray manokana eo akaiky indrindra (an'ilay Mpaminany) sy zo iray lehibe. Na izany na tsy izany, isika dia mifamatotra aminy sy manana ireo fatoram-pihavanana miaraka aminy. Mampitandrina anao aho mba tsy hanao ratsy azy, no sady aoka izy tsy hiharan'ny heritsetra avy aminao. »

## **NY FAHAFATESAN'I MO'AWIYAH**

Izy (ilay mpitantara) dia nanohy toy izao:

Nony maty i Mo'awiyah ary i Yazid (hanozona azy anie i Allah) no nandray ny fahefana, dia notendren'ity farany ilay rahalahin-dRainy i 'Otbah b. Abi Soufyan ho governoran'ny tanànan'ilay Mpaminany (ny tso-drano sy ny firarian-tsoan'i Allah anie ho azy sy ny fianakaviany). Tamin'ny

fahatongavany tao Madina, dia i Marwan b. Hakam no governora tao izay notendren'i Mo'awiyah.Nanaisotra azy tamin'ireo raharahany i 'Otbah ary naka ny toerany. Izy dia saika hampihatra ireo didin'i Yazid mikasika an'i Marwan fa saingy tafatsoaka ity farany. Arak'izany izy dia tsy afaka nisambotra azy.

### **HOUSSAYN (AS) TAO AMIN'I 'OTBAH**

'Otbah dia naniraka olona iray ho any amin'i Houssayn b. 'Ali (as) mba hampiantso azy.

Hoy izy taminy hoe: « Ny filohan'ireo mpino dia mandidy anao mba hanao fanekem-pankatoavana ho azy. »

Namaly azy i Houssayn (as) hoe: « Ô ry 'Otbah, hainao tsara fa izaho dia anisan'ireo manam-boninahitra ao amin'ny fianakavian'ilay Mpaminany (Ahl al-Bayt), loharanon'ny hafatra (avy amin'i Allah), mpitondra fanevan'ny fahamarinana, izay napetrak'i Allah, Ilay Tsitoha sy Avo Indrindra ao am-ponay. Fahamarinana izay nampiteneniny tamin'ny alalan'ny lelanay sy izay noteneninay araka ny sitrapon'i Allah, Ilay Tsitoha sy Avo Indrindra. Reko ny

Raibeko, ilay Irak'i Allah (ny tso-drano sy ny firarian-tsoan'i Allah anie ho azy sy ny fianakaviany) nilaza nanao hoe: "Ny khilafah<sup>1</sup> dia voarara amin'ireo taranak'i Abou Soufyan." Arak'izany, dia amin'ny fomba ahoana no ahafahako manao fanekem-pankatoavana amin'ny fianakaviana iray izay nilazan'ilay Irak'i Allah (ny tso-drano sy ny firarian-tsoan'i Allah anie ho azy sy ny fianakaviany) ireo teny tahak'izany? »

## **NY TARATASIN'I 'OTBAH HO AN'I YAZID**

Rehefa nahare ireo teny ireo i 'Otbah, dia nampiantso mpanoratra ka niangavy azy mba hanoratra hoe:

« Amin'ny anaran'i Allah, Ilay Be Fiantrana, Ilay be Indrafo.

Ho an'ny mpanompon'i Allah, i Yazid, filohan'ireo mpino,

Avy tamin'i 'Otbah b. Abi Soufyan.

Miharihary tokoa izao, fa i Houssayn b. 'Ali dia tsy manaikyny fitondranao, no sady tsy manaiky ny hanao fanekem-pankatoavana anao.

---

<sup>1</sup> Fitondrana ara-panjakan'ny khalifah.

Ahoana ny fanapahan-kevitrao mikasika izany?

Fiadanana ho anao. »

## **NY VALITENIN'I YAZID**

Taorian'ny nahazoany ilay taratasy, i Yazid (hanozona azy anie i Allah) dia namaly an'i 'Otbah nanao hoe: « Raha vao voarainao ity taratasy ity, dia aoka ianao hamaly ahy haingana. Raiketo an-taratasy ao izay rehetra manaiky ny didiko sy izay rehetra mitsipaka izany. Aoka anie ny valiteninao mba ampiarahina amin'ny lohan'i Houssayn b. 'Ali. »

## **HOUSSAYN (AS) TAO AMIN'NY MOSKEN'ILAY MPAMINANY**

Rehefa i Houssayn (as) no naharay ny vaovao, dia nanapa-kevitra mba hiala ao amin'ny faritr'i Hijaz ho any Irak. Nony tonga ny alina, dia lasa izy nankao amin'ny mosken'ilay Mpaminany (ny tso-drano sy ny firarian-tsoan'i Allah anie ho azy sy ny fianakaviany) mba hanao veloma eo amin'ny fasany. Am-pahatongavana teo amin'ny fasana, dia nisy hazavana nanjelatra teo aminy nialohan'ny nanjavonany tao anatin'ny fasana. Ny harivan'ny andro manaraka, dia nandeha indray izy nanao veloma teo amin'ny

fasana. Nanao fivavahana naharitra izy ary rehefa teo am-piankohofana izy, dia resintorimaso. Nandritra io fotoana io, dia niseho taminy tamin'ny alalan'ny nofy ilay Mpaminany (ny tso-drano sy ny firariantsoan'i Allah anie ho azy sy ny fianakaviany). Noraisiny i Houssayn (as),nofikiriny teo antratrany ka nanomboka nanoroka azy teo anelanelan'ireo masonry izy, avy teo dia nilaza taminy nanao hoe: « Aoka anie ny raiko hanao sorona ho anao, toy ny efa hitako sahadys ianao mivalampatra eo amin'ny fasika, mihosin-drà eo anivon'ny andian'olona avy amin'ity vahoaka ity izay manantena ny fanavotako, nefy izy dia tsy hahita soa na dia iray aza eo anatrehan'i Allah. Ô ry zanako, ianao dia efa hadiva hanaraka ny rainao, ny reninao sy ny rahalahinao fa izy ireo dia sasa-miandry anao. Fantaro fa ireo ambaratongan'ny Paradisa izay natokana ho anao dia tsy ho azonao raha tsy amin'ny alalan'ny fahafatesanao ho maritiora. »

## **NY FIALAN'I HOUSSAYN (AS) TAO MADINA**

Nahatsiaro tamin'ny torimasonry i Houssayn (as), latsa-dranomaso, ary nandeha nankany amin'ireo fianakaviany sy nampahafantatra azy ireo ilay nofiny

nialohan'ny nanaovany veloma mandrapihaona azy ireo. Napetrany teo ambonin'ireo filanjana fitaterana ireo anabaviny, ary koa ny zanany vavy sy ny zana-drahalahiny i Qassim b. Hassan b. 'Ali (as) koa dia niainga izy niaraka tamin'ny vatan-dehilahy miisa iraika amby roapolo avy amin'ny fianakaviany sy avy amin'ireo skaizany. Izy ireo dia nahitana: an'i Abou Bakr b. 'Ali, i Mohammad b. 'Ali, i 'Othman b. Ali Abbass b. Ali, Abdallah b. Mouslim b. 'Aqil, i 'Ali b. Houssayn al-Akbar, i 'Ali b. Houssayn al-Asghar.

## **NY FIHETSIK'I 'ABDALLAH B. 'OMAR**

Rehefa nahalalai 'Abdallah b. 'Omar fa lasa nandao an'i Madinai Houssayn (as), dia niakatra teo amin'ny biby fitainginy izy ka nandeha haingana nanatratra ny andian'olona mpiray dia. Teo amin'iray amin'ireo fiantsonana (eo ampivoahana an'i Madina) no nahatratrarany azy.

Hoy izy niteny [tamin'i Houssayn (as)] hoe:  
« Ho aiza ianao, ô ry zanak'ilay Irak'i Allah? »

Namaly izy [i Houssayn (as)] hoe: « Ho any Irak. »

Hoy izy: « Andraso, miverena any amin'ny tanànan'ny Raibenao ianao. »

Nolavin'i Houssayn (as) ny heviny. Teo am-pahatsapana izany fandavana izany, dia niteny taminy Ibn 'Omar hoe: « Ô ry Aba 'Abdillah, asehoy ahy ny faritra izay nananan'ilay Irak'i Allah (ny tso-drano sy ny firarian-tsoan'i Allah anie ho azy sy ny fianakaviany) fahazarana ny nanoroka azy. »

Nasehon'i Houssayn (as) ny foitrany ka tamin'izay indrindra, dia norofan'Ibn 'Omar in-telo izany, ary dia nitomany izy. Avy eo, hoy izy taminy hoe: « Ankiniko amin'i Allah ianao ô ry Aba 'Abdillah, satria tena marina ianao dia hovonoina ao anatin'ity fandehanana ity. »

# **TOKO FAHAROA HOUSSAYN (AS) EO AM- PANDEHANANA MIZOTRA MANKANY KOUFA**

## **THA'LABIYYAH**

Houssayn (as) sy ireo namany dia nanohy ny dia mandra-pahatongavana tao Tha'labiyyah. Tao amin'ity toerana ity, nisy lehilahy iray manana anarana hoe Bishr b. Ghalib no tonga nihaona tamin'i Houssayn (as) sady niteny taminy hoe: « Ô ry zanak'ilay Irak'i Allah, hazavao amiko ny hevitr'ilay andininy hoe **“Ny andro izay hiantsoanay ny antokon’olona tsirairay isaky ny mpitarika azy ireo”<sup>1</sup>.** »

Hoy izy namaly azy hoe: « Izany dia ny Imam izay miantso ireo olona amin'ny fahitsiana ka misy manaraka na ny imam izay mitarika ireo olona amin'ny fahaverezana ka misy manaraka ihany koa. Ireo voalohany dia hiditra ao am-Paradisa fa ireo faharoa dia any amin'ny Afobe, araka ny voalazan'ny ohatenin'i Allah, Ilay Tsitoha sy Avo

---

<sup>1</sup> Ny Kor'any masina 17 :71

Indrindramanao hoe: “Andiany iray any amin’ny Paradisa ary andiany iray any amin’ny Afo mamaivay.”<sup>1</sup> »

## ‘OZAYB

Taorian’izany, dia nanohy ny diany izy mandra-pahatongavany tao ‘Ozayb. Tao izy no nanao torimaso kely atoandro, fa nifoha tamin’ny torimasonry izy tao anatin’ny fitomaniana. Tamin’izay ny zanany dia nanontany azy hoe: « Nahoana no mitomany ianao ry dada malala? »

Namaly azy izy hoe: « Ô ry zanako, izao no fotoana izay tsy mandiso ireonofy. Nahita olona iray tamin’ny nofy aho izay nilaza tamiko hoe: “Mandehana haingana ianareo fa ny fahafatesana no hitondra anareo any am-Paradisa.” »

## ROHAYMA

Avy eo, izy nanohy ny dia mandra-pahatongavany tao Rohayma izay nihaonany tamin’ny lehilahy iray avy tao Koufa, fantatra amin’ny anaram-bositra hoe Abou Harim. Ity farany dia nanontany azy nanao hoe: « Ô ry zanak’ilay Mpaminany, nahoana ianao no nandao an’i Madina? »

---

<sup>1</sup> Ny Kor’any masina 42 :7

Houssayn (as) namaly azy hoe: « Hamindrafo aminao anie i Allah, ô ry Abou Harim. Nitady hanala baraka ahy izy ireo, nefà tsy niteny na inona na inona aho, nitady alain'izy ireo ankeriny ireo fananako, nefà nanam-piaretana aho, fa rehefa nitady hanala ny aiko izy ireo, dia voatery aho nandositra. Ifantàna amin'i Allah, fa izy ireo dia hahavita ny hamono ahy, ka ho vokatr'izany, i Allah dia hampietry azy ireo tanteraka, hamotika azy ireo amin'ny sabatra sy hampiondrika azy ireo amin'ny fahefan'ny olona iray izay halain'izy ireo Baraka. »

## **NY FAHATONGAVAN'I HORR TAO ROHAYMA**

Rehefa fantatr'i 'Obaydollah b. Ziyad (hanozona azy anie i Allah) fa tonga tao Rohayma i Houssayn (as), dia nafainganiny ho any i Horr b. Yazid niaraka tamin'ireo (andiana miaramila) mpitaingin-tsoavalys arivo.

Nitantara toy izao i Horr: « Rehefa nandao ny tokantranoko aho mba ho any amin'i Houssayn (as), dia nahare feo in-telo nanao hoe: "Ô ry Horr, raiso ny vaovao mahafaly amin'ny fidiranao ao am-Paradisa." Nefà nony nitodika aho dia tsy nahita olona akory.

Nilaza tamin'ny tenako àry aho nanao hoe: "Aoka anie ny reninao hitomanin'alahelo ny amin'ny ho avinao, ry Horr. Ianao dia handeha hiady amin'ny zanak'ilay Irak'i Allah (ny tso-drano sy ny firarian-tsoan'i Allah anie ho azy sy ny fianakaviany) dia misy milaza aminao fa izany dia vaovao mahafaly hidirana am-Paradisa?!" »

Tratran'i Horr (ny andian'olona miray dia amin') i Houssayn (as) tamin'ny fotoampivavahana atoandro. Ity farany dia niangavy ny zanany mba hanao *azhan* sy ny *iqamah*. Nitsangana i Houssayn (as) ka nitarika ny fivavahana ho an'ireo vondrona anankiroa.

Vita ny fivavahana, nandeha haingana i Horr b. Yazid nanatona an'i Houssayn (as) ka nilaza taminy hoe: « Ny fiadanana, ny famindram-po sy ny fahasoavan'i Allah anie ho aminao, ô ry zanak'ilay Irak'i Allah. »

Niteny i Houssayn (as) hoe: « Fiadanana anie ho aminao. Fa iza ianao, ô ry mpanompon'i Allah? »

Namaly izy hoe: « Izaho no Horr b. Yazid. »

Fa hoy izy: « Ô ry Horr, moa ve namanay ianao sa fahavalonay? »

Namaly i Horr hoe: « Ô ry zanak'ilay Irak'i Allah, ifantàna amin'i Allah fa, izaho dia nirahina mba hiady aminareo. Nefa izaho dia mangataka ny fiarovan'i Allah mba tsy hananganany ahy amin'ny maty avy ao am-pasako (amin'ny Andron'ny Fitsanganana) ka ireo volon-doha mifatotra miaraka amin'ireo tongotra, ireo tànana mifatotra miaraka amin'ny vozona, ka hampanipy ahy amin'ny tarehiko ao amin'ny afon'ny helo. Ô ry zanak'ilay Irak'i Allah, ho aiza moa ianao? Miverena ao an-tanàna masin'ilay Raibenao, fa raha tsy izany dia ho faty ianao. »

Hoy i Houssayn (as) taminy hoe:

« Hotohizako ny dia, (satria) ny fahafatesana dia tsy mba henatra ho an'ny lehilahy tanora  
iray

Rehefa izy mila ny Fahamarinana, dia  
hitolona izy amin'ny mahasilamo azy

(Rehefa) tonga izy hamonyj ireo olona madio  
fo amin'ny alalan'ny ainy (ataony sorona)  
Ary mandoa ny mpanota izy sy manalavitra  
ny mpanao heloka

Raha mbola velona aho, dia tsy hanenina ary  
raha maty, dia tsy hitaraina amin'izany

Ny mifanohitra amin'izany, ny fahavelomana eto an-tany dia ampy ho henatra ho anao. »

## **QOTQOTANA**

Avy eo, i Houssayn (as) dia nanohy ny diany mandra-pahatongavana tao Qotqotana. Tao amin'ity toerana ity, izy no nijanona sy nahita tranolay iray lehibe izayefa voavelatra. Koa dia nanontany izy hoe:

« Fa an'iza ity tranolay iray lehibe ity? »

Nisy namaly azy hoe: « An'i 'Obaydollah b. Horr al-Jo'fi. »

Arak'izany, i Houssayn (as) dia nandefa iraka iray tany aminy. Ary hoy izy taminy: « Ry lehilahy, ianao dia ao anatin'ny fahadisoana ary i Allah, Ilay Tsitoha sy Avo Indrindra, dia hanome tsiny anao amin'ny fihetsikao afa-tsy hoe angaha ianao mibebaka Aminy, Ilay Be Voninahitra sy Avo Indrindra, amin'izao fotoana izao ihany, no sady mitondra ny fanampianao ahy. Amin'izay ny Raibeko dia hanelanelana amin'ny fiarovana anao eo anatrehan'i Allah, Ilay Tsitoha sy Avo Indrindra. »

Namaly izy hoe: « Ô ry zanak'ilay Irak'i Allah, ifantàna amin'i Allah fa, raha izaho no hanampy anao, dia izaho no voalohany

hovonoina eo anatrehanao. Ho setrin'izany, dia indro ny soavaliko, raiso. Ifantàna amin'i Allah fa, isak'izaho nitaingina azy, dia nahazo foana izay nilaiko ary izaho dia tafavoaka soa aman-tsara rehefa nisy loza nanangasanga. Anao izy, koa dia raiso. »

(Tamin'io fotoana io,) i Houssayn (as) dia nanodina ny tarehiny ary niteny taminy hoe: « (Ho famaranana,) izahay dia tsy mila anao sy ny soavalinao. Ary izaho dia tsy mandrayny fanampiana an'ireo izay very lâlana. Fa na izany aza, dia vonjeo ny tenanao. Raha tsy ho namanay ianao dia aoka mba tsy ho naman'ireo izay miady aminay. Fa izay mahare nykiakiakanay, izay fianakavian'ilay Mpaminany (Ahl al-Bayt), nefà tsy mba tonga manampy anay, dia i Allah no hikapoka ny tarehiny ao amin'ny afon'ny helo. »

# **TOKO FAHATELO HOUSSAYN (AS) TONGA TAO KARBALA**

Avy eo, i Houssayn (as) dia nanohy ny diany mandra-pahatongavany tao Karbala. Nony tonga tao izy dia nanontany hoe: « Inona no anaran’ity toerana ity? »Nisy namaly azy hoe: « Ô ry zanak’ilay Irak’i Allah, eto no Karbala. »

Tamin’izay, dia hoy izy hoe: « Ifantàna amin’i Allah fa, izao no andron’alahelo amampahoriana. Ity no toerana izay hilatsahan’ny rantsika, toerana izay handotoana ny voninahitsika. »

## **‘OMAR B. SA’D NIRAHINA HO ANY KARBALA**

Taorian’izay, dia tonga i ‘Obaydollah b. Ziyad sy ny tafiny. Nanangana toby tao amin’i Nokhayla izy ireo. Avy tany izy no nandefa ho any amin’i Houssayn (as) iraka antsoina hoe ‘Omar b. Sa’d izay nitarika (andian-tafika) miisa efatra arivo mpitaingin-tsoaval. Nifanarakaraka ny fahatongavan’i ‘Abdallah b. Houssayn al-Tamimi, i Shabath b. Rib’i sy i Mohammad b. Ash’ath b. Qays al-Kindi, ka ny

tsirairay dia nitarika (andian-tafika) miisa arivo mpitaingin-tsoavalny.

Nandefa taratasy i 'Obaydollah b. Ziyad ho an'i 'Omar b. Sa'd mba hanendrena azy ho lehiben'ny tafika sy mba hiangaviana ny hafa rehetra hanaraka ny baiko omeny.

### **FAHATONGAVAN'I SHIMR NITONDRA TARATASY HO AN'IBN SA'D**

'Obaydollah b. Ziyad dia nahafantatra fa i 'Omar b. Sa'd sy i Houssayn (as) dia nihaona antsokosoko tamin'ny alina mba hifampiresaka ary izy (i 'Omar b. Sa'd) dia tsy te hiady aminy.

Noho izany, i 'Obaydollah b. Ziyad dia nandefa haingana an'i Shimr b. Zil-Jawshan izay nitarika (andian-tafika) miisa efatra arivo mpitaingin-tsoavalny sy nanoratra ho an'i 'Omar b. Sa'd toy izao: « Rehefa voarainao ity taratasy ity, dia aza mamela an'i Houssayn b. 'Ali hiaina mihitsy, raiso amin'ny vozony izy ary sakano ho azy ny lèlana mankany amin'ilay rano, sahala amin'ny nandrarany izany ho an'i 'Othman tamin'ny fotoana nanaovana fahirano azy tao an-tranony! »

Nony voarain'i 'Omar b. Sa'd (hanozona azy anie i Allah) ilay taratasy, dia nomeny baiko ny mpitondra teniny mba hanambara

hoe: « Izahay dia mbola hamela an'i Houssayn  
sy ireo namany, amin'ity tontolo andro sy  
amin'ity alina ity. »

# **TOKO FAHEFATRA IREO ZAVA-NITRANGA NY ALIN'NY ACHOURA**

## **TORITENIN'NY IMAM HOUSSAYN (AS) NY ALIN'NY ACHOURA**

Ity fanapahan-kevitra ity dia tena nanahirana an'i Houssayn (as) sy ireo namany. Arak'izany, izy dia nijoro teo anatrehan'izy ireo mba hitoriteny. Hoy izy (tamin'izy ireo) hoe:

« Ry Allah ô, izaho dia tsy mahalala fianakaviana tena mpanao soa, tena madio fo sy tena lafatra afa-tsry ny fianakaviako, no sady tsy mahalala mpanara-dia tsara indrindra afa-tsry ireo mpanara-diako. Ankehitriny dia fantatrareo ny zava-mandalo. Noho izany, dia afahako ianareo amin'ny fanekempankatoavana nataonareo. Koa dia tsy misy intsony ny adidy izay heverinareo hotanterahina eo anatrehako. Ny alina dia manafina anareo (mba tsy hisy hahita), koa dia raiso ho toy ny biby fitaingina izany ary miparitaha ao anatin'ny haiziny ianareo, fa ny tena marina, ireto olona ireto dia tsy mitady

afa-tsy izaho ihany. Raha vao mahasambatra ahy izy ireo, dia hamosotra an'ireo hafa. »

## **NY FIHETSIK'IREO MPANARA-DIA**

Tamin'izany fotoana izany indrindra, no nitsangana i Abdallahb.Mouslim b. 'Aqil b. Abi Talib ka niteny hoe: « Ô ry zanak'ilay Irak'i Allah, ahoanany fomba filazan'ireo olona anay raha izahay no mandoa ny Cheikh-nay, lehibenay, filohanay, ny zanak'ilay rahalahin-dray tena mendrika indrindra, ny zanak'ilay Mpaminaninay izay filohan'ireo mpaminany! (Izy ireo dia hilaza) fa izahay dia tsy mba nitora-defona na nikapoka amin-tsabatra teo anilany! Tsia, ifantàna amin'i Allah fa, izahay dia tsy handeha, fany mifanohitra amin'izany aza, dia harahinay izay alehanao. Hanao sorona ny ainay izahay ary ny rànay dia alatsakay ho anao! Ary izany dia ny mba ho fanatanterahanay ny adidinay sy ho fandraisany ny andraikitray. »

Avy eo, nitsangana ny lehilahy iray antsoina hoe Zohayr b. Qayn al-Bajali ka niteny hoe: « Ô ry zanak'ilay Irak'i Allah, aleoko izaho no vonoina, avy eo dia velomina, avy eo mbola vonoina indray hatramin'ny hanaovana ahy toy izany in-jato mba hitsimbinan'i Allah ny ainao sy ny ain'ireo izay miaraka aminao, sy mbahiarovan'i Allah

anao, sy anareo fianakavian'ilay Mpaminany (Ahl al-Bayt), amin'ny alalako. »

Houssayn (as) dia nilaza taminy sy tamin'ireo mpanara-diany hoe:

« Hovaliana soa anie ianareo. »

## FAMATSIANA RANO

Niangavy azy ireo i Houssayn (as) avy eo, mba hiady lavaka miodidina ny tobiny sy handatsaka tapa-kazo ao aminy.

Avy eo izy nanendry ny zanany i 'Ali (as) mba hitarika mpitaingin-tsoavalny miisa telopolon sy mpandeha an-tongotra miisa roapolon mba hitady rano atao vatsy. Nandritra ireto farany nahatsapa lalina ny loza hitranga, dia nanao izao tononkalo izao i Houssayn (as):

« Ô ry fotoana, henatra ianao, sakaiza  
tahak'inona moa ity ianao?

(Firifiry no maty) noho ianao, manomboka  
amin'ny fiposahan'ny masoandro ka  
hatramin'ny filentehan' (ilay masoandro)

Amin'ireo sakaiza sy mpitady

Ny Fotoana dia tsy mety afa-po ka nyolona  
iray dimbiasan'iray hafa

Ny tompon'ny didy (farany) dia Ilay  
Andriamanitra Tsitoha

Ny zava-manan'aina tsirairay dia hizotra  
amin'ny lâlako. »

Taorian'izany, izy (as) dia niteny tamin'ireo namany hoe: « Mitsangana ianareo, sotroy ny rano izay anjara farany ho ranofisotroanareo. Manaova ianareo fidiovana masina (*woudhou*) ary mandroa ianareo (manaova *ghousl* ianareo). Sasao ireo fitafianareo izay ireo ihany no hany ho lambamenanareo. » Avy eo izy dia nitarika ny vavaka amin'ny maraina nialohan'ny nandaminany ireo fiomanana farany mialohan'ny ady. Niangaviany izy ireo mba handrehitra afo amin'ireo tapa-kazo nalatsaka tao anaty lavaka nohadiana nanodidina ny tobiny, mba ahafahana matrika ny fahavalox amin'ny fitodihana iray ihany.

# **TOKO FAHADIMY NY ANDRON'NY ACHOURA**

## **ZAVA-MAHAGAGAN'NY IMAM HOUSSAYN (AS)**

Miaramilà iray avy amin'ny tobin'i 'Omar b. Sa'd, antsoina hoe Ibn Abi Jowayriyyah al-Mozani, no nanatona tamim-pitaingenana ny soavaliny. Rehefa nahatsikaritra ireo lelafo nirehitra izy, dia nitehaka sy nanakora nanao hoe: « Ô ry Houssayn sy ireo naman'i Houssayn, mahazoa fahafinaretana ianareo ao amin'ny afo! Tena marina ianareo dia efa maika ny hiditra ao amin'ny afo eto an-tany (mialohan'ny hidirana ao aminy any ankoatra). »

(Teo am-pitazanana azy), i Houssayn (as) dia nanontany hoe: « Iza io lehilahy io? »

Nisy namaly azy hoe: « Izy no Ibn Abi Jowayriyyah al-Mozani. »

Niteny àry i Houssayn (as) hoe: « Ry Allah ô, ataovy mahita ny sazy ao amin'ny afo eto an-tany izy. »

Tsy tapitapitr'izay, dia nanomboka nihazakazaka ilay soavaliny ka niafara mihitsy

tamin'ny fanipizany azy tao an-davaka mirehitr'af. Arak'izany, dia may kilan'ny afo tanteraka Ibn Abi Jowayriyyah al-Mozani.

## **FAHAGAGAN'NY IMAM HOUSSAYN**

Ankoatr'izany, dia miaramila iray hafa indray avy amin'ny tobin'i 'Omar b. Sa'd, mitondra ny anarana hoe Tamim b. Houssayn al-Fazari, no nandroso sy nanakora nanao hoe: « Ô ry Houssayn sy ireo naman'i Houssayn, tsy hitanareo angaha ny famirapiratan'ny ranon'i Eofrata izay toy ny famirapiratry ny hoditra bibilava? Ifantàna amin'i Allah fa, ianareo dia tsy hanandrana azy io, na dia indray mitete fotsiny aza, mandra-pahafaty anareo am-pahorianana. »

Nanontany i Houssayn (as) nanao hoe: « Iza io lehilahy io? »

Nisy namaly azy hoe: « Tamim b. Houssayn. »

Koa dia niteny i Houssayn (as) hoe: « Izy sy ny rainy dia hiafara amin'ny Afobe. Ry Allah ô, ataovy matin'ny hetaheta izy amin'izao andro izao. »

Nilaza ny mpitantara hoe: Tamin'izay, dia nanomboka nanakenda an'i Tamim ny hetaheta ka nahatonga azy nianjera mihitsy

avy teny ambony soavaliny. Nanitsakitsaka azy tamin'ireo kitrony avy ireo soavalny koa dia maty izy.

## **NY VONINAHITR'I HOUSSAYN (AS)**

Taorian'izany, dia miaramila iray hafa fahatelo avy amin'ny tafik'i 'Omar b. Sa'd, antsoina hoe Mohammad b. Ash'ath b. Qays al-Kindi, no nandroso sy niteny hoe: « Ry Houssayn zanak'i Fatima, ny voninahitr'ilay Irak'i Allah manao ahoana moa no lazainao fa hanananao nefä ny olon-kafa dia tsy mba manana izany? »

Tamin'izay, i Houssayn (as) dia namaky ireo andinin-tsoratra masina hoe: **« Tena marina, fa I Allah no nisafidy an'i Adam, sy i Noà, ny fianakavian'i Abraham sy ny fianakavian'i Imran ho ambony teo amin'izao tontolo izao. Taranaka nipoiran'ny andaniny sy ny ankilany »<sup>1</sup>.** Avy eo izy dia niteny hoe: « Ifantàna amin'i Allah fa, i Mohammad dia anisan'ny fianakavian'i Abraham ary ny taranaka izay ilaina ho mpitarika dia avy amin'ny fianakavian'i Mohammad. », nialohan'ny nanontaniany nanao hoe: « Iza io lehilahy io? »

---

<sup>1</sup> Ny Kor'âny masina 3 :33-34

Nisy namaly azy hoe: « Mohammad b. Ash'ath b. Qays al-Kindi »

Nampitraka ny lohany teny amin'ny lanitra àry i Houssayn (as) sady niteny nanao hoe: « Ry Allah ô, ataoovy afa-baraka i Mohammad b. Ash'ath amin'izao andro izao. Aza omemboninahitra intsony mihitsy izy manomboka androany. »

Tamin'izay fotoana izany, i Mohammad b. Ash'ath dia nandeha nihataka lavitry ny miaramilany mba hivoaka. Arak'izany izy dia nandeha samirery tamin'ny toerana iray. Tamin'izany indrindra, i Allah no nametraka azy tao anatin'ny fandrika tamin'ny alalan'ny maingoka izay nanaikitra azy. Vokatr'izany, dia afaka ny ainy, ireo henatry ny vatany dia niseho niharihary.

## **LAHATENIN'I BORAYR B. KHODHAYR**

Nanomboka nangetaheta i Houssayn (as) sy ireo namany. Nanatona an'i Houssayn (as) ny iray amin'ireo mpanarak'azy, antsoina hoe Borayr b. Khodhayr al-Hamdani.

Ny mpanoratra ny tantara, Ibrahim b. 'Abdallah, dia nitantara fa anadahin-drenin'i Abou Iss-haq al-Hamdani izy.

Hoy i Borayr hoe: « Ô ry zanak'ilay Irak'i Allah, omeo lâlana aho mba hanatona azy ireo sy hiresaka amin'izy ireo. »

Taorian'ny nahazoana nyfaneken'i Houssayn (as), dia lasa nanatona an'ireo fahavalô izy ary niteny tamin'izy ireo hoe: « Ô ry vahoaka, iaraha-mahalala fa i Allah, Ilay Tsitoha sy Avo Indrindra, dia naniraka an'i Mohammad tamim-pahamarinana, ho mpampilaza sy mpampitandrina, niantso ny olona ho any Aminy, amin'ny alalan'ny fankasitrahany; ary izy dia toy ny fanilo mpanazava. Io ny reniranon'i Eofrata izay hosinkosinan'ireo lambo sy ireo alika (avy amin'ny faritr'i) Sawad<sup>1</sup>. Io rano io ihany koa no voarara ho an'ny zanany [i Houssayn (as)]. »

Nanapaka ny teniny ireo fahavalô nanao hoe: « Ry Borayr, be resaka loatra ianao. Hidio ny vavanao! Ifantàna amin'i Allah fa, aoka izy hangetaheta tahak'ireo izay nialoha azy. »

Tamin'izay i Houssayn (as) dia niteny hoe: « Miverena eny amin'ny toeranao, ianao ry Borayr. »

---

<sup>1</sup> Sawad dia faritra eo anelanelan'i Koufa sy i Bassorah.

## **TORITENIN'NY IMAM (AS)**

Avy eo dia nandroso tampoka i Houssayn (as), niankina teo amin'ny sabany ary niteny tamin'ny feo avo nanao hoe: « Manontany anareo aho amin'ny Anaran'i Allah. Mba fantatrareo ve aho? »

Namaly izy ireo hoe: « Eny, ianao dia taranaka sy zafin'ilay Irak'i Allah. »

Niteny i Houssayn (as) hoe: « Ifantàna amin'i Allah fa, moa ve fantatrareo fa ny Raibeko dia ilay Irak'i Allah (ny tso-drano sy ny firarian-tsoan'i Allah anie ho azy sy ny fianakaviany)? »

Namaly izy ireo hoe: « Eny, fa tena ifantàna amin'i Allah. »

Hoy i Houssayn (as) hoe: « Ifantàna amin'i Allah fa, moa ve fantatareo fa ny Reniko dia i Fatima, ilay zanakavavin'i Mohammad (ny tso-drano sy ny firarian-tsoan'i Allah anie ho azy sy ny fianakaviany)? »

Namaly izy ireo hoe: « Eny, fa tena ifantàna amin'i Allah. »

Niteny i Houssayn (as) hoe: « Ifantàna amin'i Allah fa, moa ve fantatreo fa ny Raiko dia i Ali b. Abi Talib (as)?

Namaly izy ireo hoe: « Eny, fa tena ifantàna amin'i Allah. »

Niteny i Houssayn (as) hoe: « Ifantàna amin'i Allah fa, moa ve fantatrareo fa ny renibeko dia i Khadija b. Khowaylid, ilay vehivavy voalohany amin'ity vahoaka ity nanaiky ny finoana islam? »

Namaly izy ireo hoe: « Eny, fa tena ifantàna amin'i Allah. »

Hoy i Houssayn (as) hoe: « Ifantàna amin'i Allah fa, moa ve fantatrareo fa ilay lehiben'ireo maritiora i Hamza dia rahalahin-drain'ny raiko? »

Namaly izy ireo hoe: « Eny, fa tena ifantàna amin'i Allah. »

Hoy i Houssayn (as) hoe: « Ifantàna amin'i Allah fa, moa ve fantatrareo fa i Ja'far al-Tayyar, izay ao am-Paradisa, dia rahalahin-draiko? »

Namaly izy ireo hoe: « Eny, fa tena ifantàna amin'i Allah. »

Hoy i Houssayn (as) hoe: « Ifantàna amin'i Allah fa, moa ve fantatrareo fa ity sabatra izay entiko ity dia an'ilay Irak'i Allah? »

Namaly izy ireo hoe: « Eny, fa tena ifantàna amin'i Allah. »

Hoy i Houssayn (as) hoe: « Ifantàna amin'i Allah fa, moa ve fantatrareo fa ity fehiloha izay hanaovako ity dia an'ilay Irak'i Allah? »

Namaly izy ireo hoe: « Eny, fa tena ifantàna amin'i Allah. »

Hoy i Houssayn (as) hoe: « Ifantàna amin'i Allah fa, moa ve fantatrareo fa i 'Ali no ilay voalohany nanaiky ny finoana islam, ilay tena manam-pahaizana sy tena ambony fanahy, mahery fo amin'ireo silamo rehetra ary izy no tompom-pahefana eo amin'ireo mpino rehetra? »

Namaly izy ireo hoe: « Eny, fa tena ifantàna amin'i Allah. »

Hoy i Houssayn (as) hoe: « Nahoana àry ianareo no manao ho rariny ny fandatsahana ny ràko? Kanefa, ianareo dia mahalala fa ny raiko rahampitso dia ho mpiaro ny dobon-dranon'(ny Paradisa) ary izy no handroaka ireo olona toy ny fandroahana an'ireo rameva mangetaheta eo amin'ny tavin-drano. Fantatrareo koa ve fa ny fanevan'ny fiderana dia ho eo ampelan-tànan'ny Raibeko amin'ny andron'ny Fitsanganana? »

Namaly izy ireo hoe: « Fantatray avokoa izany rehetra izany kanefa na inona no hitranga, dia tsy havelanay ianao mandrapanandramanao ny fahafatesana ao anatin'ny hetaheta. »

Noraisin'i Houssayn (as) tamin'ny tànany ny ilan'ny volom-bavany. Tamin'io fotoana io, izy dia fito amby dimam-polo taona. Avy eo dia hoy izy hoe: « Ny hatezeran'i Allah dia nianjera tamin'ireo jiosy rehefa izy ireo nilaza fa i 'Ozayr dia zanak' Andriamanitra. Nianjera tamin'ireo kristiana izany rehefa izy ireo nanaiky fa ilay Mesia dia zanak' Andriamanitra. Nianjera koa tamin'ireo mazdeana izany rehefa izy ireo nanompo afo, ka nandao an' Andriamanitra. Nianjera izany tamin'ny vahoaka iray izay namono ny mpaminanin'izy ireo. Ary izao indray, dia hianjera izany amin'ity andian'olona izay mikasa ny hamono ny zanaky ny mpaminanin'izy ireo ity. »

## **NY FIBEBAHAN'I HORR B. YAZID**

Avy eo dia nikapoka (mba hanomezana vahana) ny soavaliny i Horr b. Yazid, namakivaky ny tafik'i 'Omar b. Sa'd (hanozona azy anie i Allah) mba hanaraka ho anisan'ny miaramilan'i Houssayn (as). Kasady teo ambonin'ny lohanyny tànany, no niteny

izy hoe: « Ry Allah ô, any Aminao no hiverenako, koa dia mamele à ahy. Ô ry zanak'ilay Irak'i Allah, izaho dia nampitahotra an'ireo namanao sy ireo taranaky ny mpaminaninao, ka moa ve manan-jo amin'ny fifonana aho? »

Namaly i Houssayn (as) hoe: « Eny, i Allah dia hamela anao. »

Hoy i Horr hoe: « Ô ry zanak'ilay Irak'i Allah, omenao lâlana ve aho mba hiady ho fiarovana anao? »

## **MARITIORAN'I HORR B. YAZID**

Nanaiky izany i Houssayn (as), ka niroso teo aloha i Horr ary nilaza izy hoe:

« Ho kapohako amin'ny sabatra ny  
tendanareo

Mba hijarovako ilay mponina mendrika  
indrindra amin'ny faritra khayf »

Nahafaty miaramila (fahavalô) miisa valo ambin'ny folo izy mialohan'ny nahalavo azy. Nanatona azy i Houssayn (as) ary izy dia mbola nihoson-drà tanteraka. Nilaza taminy i Houssayn (as) hoe: « Dera ho anao ry Horr! Ianao dia mazava loatra fa horr (olona afaka), araka ny anarana fiantsona anao. Ianao dia olona afaka eto an-tany sy any an-koatra. »

Avy eo i Houssayn (as) dia nanao ny andalan-tononkalo toy izao:

« Olona tsara tokoa, i Horr izay bani Riyah!  
olona mendrika tokoa, i Horr tamin'ny  
fifandonana an'ady tamin'ny lefona!  
olona mendri-piderana tokoa i Horr, rehefa  
niantso azy i Houssayn!  
izay nanao sorona ny ainy tamin'ny andro  
vao maraina. »

### **MARITIORAN'I ZOHAYR B. QAYN**

Avy eo, dia I Zohayr b. Qayn al-Bajali no nandeha niroso eo aloha. Hoy izy tamin'i Houssayn (as) hoe:

« Anio isika dia hihaona amin'ny Raibenao  
ilay Iraka,  
Hassan sy i 'Ali al-Mourtadha (ilay  
ankasitrahana). »

Nahafaty miaramila (fahavallo) miisa sivy ambin'ny folo izy, izay vao lavo (teo amin'ny sahan'ady) sady niteny nanao hoe:

« Izaho no Zohayr ary izaho no zanak'i Qayn.  
Hampanalaviriko azy ireo i Houssayn  
amin'ny alalan'ny sabatro. »

## **MARITIORAN'I HABIB B. MOZAHIR**

Taoriany, dia i Habib b. Mozahir al-Assadi (Hankasitrak'azy anie i Allah) no indro nandray anjara (tamin'ilay ady).

Hoy izy hoe:

« Izaho no Habib ary ny raiko dia i Mozahir Izahay no tsara fanahy noho ianareo sy olona madio kokoa.

Izahay dia miaro ilay olona mendrika  
indrindra, rehefa voaantso izy. »

Izy dia namono nahafaty olona miisa iraika ambin'ny telopolo avy amin'ireo miaramila (fahavalano), nialohan'ny nahalavo ho maritiora azy. (Ny mpitantara:) « Ho faly aminy anie i Allah, Ilay Avo Indrindra. »

## **MARITIORAN'I 'ABDALLAH B. ABI 'ORWAH AL-GHIFFARI**

Avy eo, dia i 'Abdallah b. Abi 'Orwah al-Ghaffari no niroso amin'ny ady, ka tamin'izay dia hoy izy hoe:

« Ireo Bani Ghiffar dia mahay tsara fa  
Izaho dia hanidina mba hamonjy [(an'i Houssayn (as)] amin'ny fanoherana an'ireo izay te-handatsaka ny ràny,

Amin'ny alalan'ny sabatra sy lefona  
maranitra. »

Izy dia namono nahafaty olona miisa roapoloo  
avy amin'ireo miaramila (fahavalo),  
nialohan'ny namonoana azy. (Ny mpitantara:) « Hamindrafo azy anie i Allah. »

### **MARITIORAN'I BORAYR B. KHODHAYR**

Taoriany, dia i Borayr b. Khodhayr al-Hamdani no nandray anjara (tamin'ilay ady). Izy no mpamaky Kor'any tena mendrika tamin'ny fotoan'androny. Hoy izy niteny hoe:

« Izaho no Borayr ary ny raiko dia i  
Khodhayr

Tsy misy hatsarana ho an'izay tsy manao ny  
tsara. »

Izy dia namono nahafaty olona miisa telopolo avy amin'ireo miaramila (fahavalo), nialohan'ny nahalavo ho maritiora azy. (Ny mpitantara:) « Ho faly aminy anie i Allah. »

### **MARITIORAN'I MALIK B. ANASS**

Taoriany, dia i Malik b. Anass al-Kahili no nandray anjara (tamin'ilay ady). Hoy izy niteny hoe:

« Ny vahoakan'ireo fokon'i Kahil, an'i Doudane, an'i Khindaf ary koa ny fokon'i Qays 'Aylane dia mahay tsara fa

Ireo miaramilanay dia mamotika an'ireo mpifanandrina.

Miaramilanay! Aoka ianareo ho tahak'ireo liona masiaka.

Ny fianakavian'i 'Ali dia maneho an'ireo mpanaraka an'ilay Be Famindram-po.

Ny fianakavian'i Harb dia maneho an'ireo mpanaraka an'ilay Satana. »

Izy dia namono nahafaty olona miisa valo ambin'ny folo avy amin'ireo miaramila (fahavallo), nialohan'ny nahalavo ho maritiora azy. (Ny mpitantara:) « Ho faly aminy anie i Allah. »

## **MARITIORAN'I ZIYAD B. MOHASSIR**

Taoriany, dia i Ziyad b. Mohassir al-Kindi no nandray anjara (tamin'ilay ady). Nandeha nanafika (ireo fahavallo) izy no sady niteny hoe:

« Izaho no Ziyad ary ny raiko dia i Mohassir,  
Tena mahery fo mihoatra ny liona manirery  
any an'ala.

Tompo ô, izaho dia mpiaro an'i Houssayn.

Nanao ankilambao sy nandao an'Ibn Sa'd. »

Izy dia namono nahafaty olona miisa sivy avy amin'ireo miaramila (fahavalو), nialohan'ny nahalavo ho maritiora azy. (Ny mpitantara:) « Ho faly aminy anie i Allah. »

## **MARITIORAN'I WAHAB B. WAHAB**

Taoriany, dia i Wahab b. Wahab indray no nandroso ho any amin'ny ady. Kristiana izy teo aloha, izay vao nanaiky ny finoana islam teo anatrehan'i Houssayn (as) izy sy ny reniny. Nanara-dia azy(as) hatrany Karbala izy ireo. Koa dia niakatra teo ambony soavaly izy, nandroaka ny andrin'ny tranolay lehibe iray ary lasa nandeha niady. Namono nahafaty olona miisa fito na valo avy amin'ireo miaramila (fahavalو) izy, fa saingy voasambotra izy nony farany. Nentina izy teo amin'i 'Omar b. Sa'd (hanozona azy anie i Allah) izay nanome baiko mba hanapahana ny lohany. Arak'izany, dia notapahana ny tendany, ary natsipy nanoloana ny tobin'i Houssayn (as) ny lohany. Noraisin'ny reniny ny sabany ka niroso ho any amin'ny ady izy, nefo hoy i Houssayn (as) taminy hoe: « Ô ry Renin'i Wahab, mipetraha ianao fa ny vehivavy dia tsy mba mandray anjara amin'ny ady. Ianao sy ny zanakao dia tsy isalasalana fa ho eo akaikin'ny raibeko, i Mohammad (ny

tso-drano sy ny firarian-tsoan'i Allah anie ho azy sy ny fianakaviany) ao am-Paradisa. »

## **MARITIORAN'I HILAL B. HAJJAJ**

Avy eo dia nandroso ho any amin'ny ady i Hilal b. Hajjaj. Hoy izy hoe:

« Hitifitra amin'ireo zanatsipiko aho fa ireo hokendrena dia efa fantatra voasonia.

Tsy misy indrafo mihitsy ho an'ny fanahy, izayny fahatahorana dia tsy misy ilany azy. »

Izy dia namono nahafaty olona miisa telo ambin'ny folo avy amin'ireo miaramila (fahavaloo), nialohan'ny nahalavo ho maritiora azy. (Ny mpitantara:) « Ho faly aminy anie i Allah. »

## **MARITIORAN'I 'ABDALLAH B. MOUSLIM B. 'AQIL**

Taoriany, dia i 'Abdallah b. Mouslim b. 'Aqil b. Abi Talib no nandeha nandray anjara (tamin'ny ady) sady hoy izy hoe:

« Mianiana aho fa tsy hisy hahafaty ahy raha tsy efa olona afaka aho,

Na dia hitako aza fa mampalahelo ny fahafatesana.

Tsy tiako aho raha hojerena ho olona sarto-hotra.

Ny saro-tahotra dia izay tsy mankato sy izay mandositra. »

Izy dia namono nahafaty olona miisa telo avy amin'ireo miaramila (fahavallo), nialohan'ny nahalavo ho maritiora azy. (Ny mpitantara:) « Ho faly aminy anie i Allah no sady handrakotra ho azy ny famindrampony. »

## **MARITIORAN'I 'ALI B. HOUSSAYN**

Taorian'izany, dia i 'Ali b. Houssayn al-Akbar (as) no nandray anjara (tamin'ny ady). Rehefa nanatona an'ireo fahavallo izy, dia kotsa-dranomaso ireo mason'i Houssayn (as). Fa hoy izy hoe: « Ry Allah ô, mijoroa vavolombelona amin'ny ataon'izy ireo Ianao. Ilay zanaky ny Irakao, izay mitovy endrika sy toetra aminy, no niroso ho any amin'ny ady. »

'Ali b. Houssayn dia niteny hoe:

« Izaho no 'Ali b. Houssayn b. 'Ali  
Ifantàna amin'ny Tompon'ilay Trano  
(masina) fa izahay no tena Havana  
akaikin'ilay Iraka

Tsy hitanareo ve ahoana no hiarovako ny  
raiko? »

Rehefa avy namono nahafaty olona folo tamin'ireo miaramila (fahavallo) izy, dia

niverina nankany amin'ny rainy ka nilaza taminy hoe: « Dada ô, tena mangetaheta aho. »

Hoy i Houssayn (as) taminy hoe: « Ry zanako, manàna fiaretana, ny raibenao dia hanala ny hetahetanao amin'ny alalan'ny tavin-drano lehibe iray. »

Tamin'izay, dia lasa niverina izy (namonjy ny sahan'ady). Niady izy ary namono nahafaty miaramila (fahavalao) miisa efatra ambin'ny efapolo, nialohan'ny nahalavo azy ho maritiora.

### **MARITIORAN'I QASSIM B. HASSAN**

Taoriany, dia i Qassim b. Hassan b. 'Ali b. Abi Talib (as) no nandroso ho any amin'ny ady. Hoy indrindra izy hoe:

« Ô ry fanahiko, aza matahotra, fa ny zavadrehetra dia holevona avokoa.

Anio ianao dia ho tonga any amin'ireo ambaratonga ambony ao am-Paradisa. »

Namono nahafaty olona telo avy amin'ireo miaramila (fahavalao) izy, avy eo dia nianjera teny ambony soavaliny. (Ny mpitantara:) « Ho faly aminy anie i Allah no sady handrakotra ho azy ny famindrampony. »

## **MARITIORAN'NY IMAM HOUSSAYN**

Niherikerika an-kavia sy an-kavanana i Houssayn (as) fa tsy nahatazana olona intsony (mba hamonjy azy). Koa dia nampitraka ny lohany teny amin'ny lanitra izy ka niteny hoe: « Ry Allah ô, Ianao anie no vavolombelona amin'izay nataon'izy ireo amin'ny taranak'ilay Irakao. »

Avy eo ireo Bani Kilab dia nijoro nanelanelana azy sy ny ranon'(i Eofrata). Tamin'izay, dia nisy nitifitra zanatsipika, izay nianefa teo amin'ny tendany ka nianjera avy teo ambony soavalys izy. Nesoriny ilay zanatsipika ary natsipiny. Notatazany tamin'ny felan-tànanay ny rà izay nikoriana, ary rehefa nahafeno ny tànany izany, dia nosafoiny teo amin'ny tarehiny sy ny volombavany no sady niteny izy hoe: « Hihaona amin'i Allah, Ilay Tsitoha sy Avo Indrindra aho, voageja sy mihositra amin'ny ràko. »

Avy eo izy dia nianjera amin'ny tany, ny takolany havia no nitrosona voalohany. Ny fahavalon'i Allah, i Sinan b. Anas al-Ayadi dia tonga nanatona azy ary koa I Shimr b. Zil-Jawshan al-'Amiri (hanozona azy roa anie i Allah), niaraka amin'ireo miaramila avy amin'ireo vahoakan'i Sham. Nijanona teo

akaikin'ny lohan'i Houssayn (as) izy ireo. Nifampiteny izy ireo nanao hoe: « Inona no andrasanareo? Ampitonio ny fijalian'ity lehilahy ity. »

Nanakaiky an'i Houssayn (as) i Sinan b. Anas al-Ayad (hanozona azy anie i Allah), nitazona teo amin'ny volombava ary dia nikapoka azy tamin'ny sabatra teo amin'ny tendany. Hoy izy taminy hoe: « Ifantàna amin'i Allah fa, izaho no hanapaka ny tendanao. Haiko tsara fa ianao no zanak'ilay Irak'i Allah ary ianao no mendrika indrindra amin'ireo olona noho ny antony avy amin'ny Reninao sy ny Rainao. »

# **TOKO FAHENINA IREO BABO TAORIAN'NY NAHAMARITIORA AN'NY IMAM HOUSSAYN (AS)**

## **NY VAOVAO MIKASIKA NY NAHAMARITIORA AN'I HOUSSAYN (AS)**

Nanatona an'i Houssayn (as) ny soavaliny ary nanakotsa ny vombony tamin'ny alalan'ny rà izay nikoriana. Avy eo izy dia nanomboka nandeha niriodriotra sady naneno, koa rehefa nahare izany ireo zanakavavin'ilay Mpaminany (ny tso-drano sy ny firariantsoan'i Allah anie ho azy sy ny fianakaviany) dia nivoaka avy tao an-tranolay. Tazar'izy ireo ilay soavaly nefy tsy misy mpitaingina, ary tamin'izay dia fantatr'izy ireo fa efa nisy namono i Houssayn (as).

Oumm Koulthoum, ilay zanakavavin'i Houssayn (as), nivoaka ny tranolay, sady nitomany izy, ny tànany nataony eo ambony loha. Hoy izy hoe: « Ry Mohammad ô! Indro i Houssayn (mivalampatra) eo amin'ny tany efitra, tsy mitafy ilay fehilohany sy ilay kapaotiny. »

## **NY NIAFARAN'ILAY NAMONO AN'NY IMAM (AS)**

Nentin'i Sinan (hanozona azy anie i Allah) teo anatrehan'i 'Obaydollah b. Ziyad (hanozona azy anie i Allah) ny lohan'i Houssayn b. 'Ali (as). Tamin'io fotoana io izy dia niteny nanao hoe:

« Fenoy volamena sy volafotsy ny lafim-pitombenako

Izaho no namono an'ilay mpanjaka mpiaro

Izaho no namono an'ilay manana Reny sy Ray mendrika indrindra amin'ireo olombelona

Ilay mendrika indrindra amin'izy ireo rehefa ny firazanany no resahina. »

'Obaydollah b. Ziyad namaly azy hoe: « Loza ho anao! Raha hainao fa izy no mendrika indrindra araka ny Reniny sy ny Rainy, dia nahoana ianao no mbola namono azy?! »

Avy eo dia nanome baiko izy mba hanapahana ny lohany, fa dia notanterahina tokoa izany. Arak'izany, i Allah dia nanafaingana ny fanipazana ny fanahiny ao anatin'ny afo.

## **IREO HAVANA AKAIKIN'NY IMAM (AS) TAO KOUFA**

Taorian'izay, i 'Obaydollah b. Ziyad (hanozona azy anie i Allah) dia nandefa iraka haingana ho any amin'i Oumm Koulthoum b. Houssayn (as) izay nilaza taminy nanao hoe: « Dera ho an'i Allah izay namono ireo lehilahinareo. Ahoana ny fitsaranao izay(zava-nanjo) nampiharin'i Allah taminareo? »

Namaly izy hoe: « Ry zanak'i Ziyad, raha mahafaly anao ny famonoana an'i Houssayn (as), dia fantaro fa izy (tamin'ny fahavelony) hatramin'izay ela izay dia naharavoravo an'ny Raibeny (ny tso-drano sy ny firarian-tsoan'i Allah anie ho azy sy ny fianakaviany). Nanoroka azy izy, norofany teo amin'ireo molony sy nolanjainy teo an-tsortony izy. Ry zanak'i Ziyad, miomana ianao amin'ny valiteny homenao an'ny Raibeny, satria izy dia ho fahavalonao rahampitso. »

Allah anie hitso-drano an'ilay Irany i Mohammad sy ny fianakaviany.

## **IREO RATRAN'NY IMAM (AS)**

Majlis faharaika ambin'ny telopolo: Tohin'ny tantara nahamaritioran'i

Houssayn (as), Alahady faha-10 Moharram taona faha-368 (A.H.), andron'ny achoura.

1-Ilay manam-pahaizana sy olon-kendry, ny Cheikh Abou Ja'far Mohammad b. 'Ali b. Houssayn b. Moussa b. Babawayh al-Qommi (hankasitrak'azy anie i Allah) dia nanambara taminay nanao hoe:

Ny Raiko, (hamindrafo aminy anie i Allah) dia nilaza taminay hoe:

Sa'd b. 'Abdallah dia niteny taminay hoe:

(Nisy nitantara) avy tamin'i Ahmad b. Mohammad b. 'Issa avy tamin'i Abi 'Abdillah Mohammad b. Khalid al-Barqi avy tamin'i Dawoud b. Abi Yazid avy tamin'i Abi al-Jaroud sy Ibn Bokayr sy Borayd b. Mo'awiyah al-'Ijli avy tamin'i Abou Ja'far al-Baqir (as), hoy izy hoe:

« Houssayn b. 'Ali (as) dia (tena) voa. Teo aminy dia nahitana roapolo sy telojato mahery ratra noho ireo tora-defona, ireo kapoky ny sabatra na ireo tifitry ny zanatsipika. Misy nitantara fa ireo rehetra ireo dia hita eo anoloana avokoa satria izy dia tsy mba nanome lamosina (an'ireo fahavalox). »

## **FANDROBANA AN'IREO TRANOLAY**

2-Mohammad b. Moussa b. al-Moutawakkil (hamindrafo aminy anie i Allah) dia nilaza taminay hoe:

‘Ali b. Houssayn al-Sa’d Abadi dia nilaza taminay hoe:

(Nisy nitantara) avy tamin’i Ahmad b. Mohammad b. Khalid avy tamin’ny Rainy avy tamin’i Mohammad b. Sinan avy tamin’i Abi al-Jaroud Ziyad b. al-Monzir avy tamin’i ‘Abdallah b. Hassan al-Mothanna avy tamin’ny Reniny i Fatima b. Houssayn (as), hoy izy hoe:

« Niditra tao amin’ny tranolainay ireo mpandroba. Tamin’izany fotoana izany aho dia mbola zazavavy kely ary nanana rojo volamena anankiroa aho teo amin’ny tongotro. Iray tamin’ireo lehilahy ireo no nanomboka nanintona izany teo amin’ny tongotro, no sady mitomany izy, koa dia nanontany azy aho hoe: “Fa maninona ianao no mitomany, ô ry fahavalon’i Allah?”

Namaly ahy izy hoe: “Nahoana moa aho no tsy hitomany amin’izao fandrobako ny zanakavavin’ilay Irak’i Allah izao!”

Ary dia hoy aho taminy hoe: "Koa aza mandroba ahy àry e."

Fa hoy izy hoe: "Matahotra aho sao dia hisy olon-kafa hotonga ka izy no hanao izany."

Izy ireo dia nandrava sy nandroba izay rehetra nisy tao amin'ireo tranolainay, eny fa na hatramin'ireo firakotra<sup>1</sup> teo an-damosinay aza dia nalain'izy ireo an-keriny. »

## **IREO BABO TEO ANATREHAN'IBN ZIYAD**

3-Mohammad b. Ibrahim b. Iss-haq (hamindrafo aminy anie i Allah) dia nilaza taminay hoe:

'Abd al-'Aziz b. Yahya al-Bassri dia nilaza taminay hoe:

Mohammad b. Zakariyya dia nitantara taminay hoe:

Ahmad b. Mohammad b. Yazid dia nilaza taminay hoe:

Abou Na'im dia nilaza tamiko hoe:

Ilay mpiambina an'i 'Obaydollah b. Ziyad dia niteny tamiko hoe:

---

<sup>1</sup> Fitafiana izay entina handrakofana ny vatana manontolo, toy ny lamba be hisaforan'ny olona izay mitafy azy.

« Rehefa tonga ny lohan'i Houssayn (as), dia nasainy mba hapetraka eo anatrehany, eo ambony kapila volamena boribory. Ary nanomboka mipaipaika ireo andrianifin' [i Houssayn (as)] izy amin'ny alalan'ny tehina izay tazominy eny an-tanany. Tamin'izay, izy dia niteny hoe: "Ianao dia lasa antitra haingana, ô ry Aba 'Abdillah!"

Lehilahy iray avy tao anatin'ny olona maro no nanohitra izany ka nilaza hoe: "Ajanony izao! Avy nohitako ilay Irak'i Allah (ny tsodrano sy ny firarian-tsoan'i Allah anie ho azy sy ny fianakaviany) nanoroka tokoa io faritra ametrahanao ankehitriny ny tehinao io."

Ary hoy Ibn Ziyad hoe: "Izao no valifatin'ny andron'i Badr."

Avy eo dia nasainynofatorana i 'Ali b. Houssayn (as) sy entina any am-ponja ireo vehivavy sy ireo babo. Izaho dia niaraka tamin'izy ireo. Isaky ny lalankely rehetra lalovanay dia feno lehilahy sy vehivavy izay mikapoka tarehy sy mitomany. Avy eo, ireo babo dia natsipy sy nahidy ao anatin'ny fonja.

Nony avy teo, Ibn Ziyad (hanozona azy anie i Allah) dia niangavy mba hakana an'i 'Ali b. Houssayn (as), ireo vehivavy, ary koa ilay lohan'i Houssayn (as) mba ho entina eo

aminy. Zaynab b. 'Ali (as) dia anisan'ny niaraka tamin'izy ireo.

Niteny Ibn Ziyad hoe: "Dera anie ho an'i Allah izay nanala ny voninahitrareo sy namono ary nandrava ny teti-(dratsinareo)!"

Namaly izany i Zaynab hoe: "Dera ho an'i Allah izay nanome voninahitra ho anay tamin'ny alalan'i Mohammad sy nanadio anay tanteraka. Tena marina, fa i Allah dia nanala ny saron-tavan'ny mpanao ratsysy nampiharihary amin'ny andro mazava be ireo laingan'ny mpanota!"

Hoy izy: "Ahoana ny fitsaranao izay (zavanano) nampiharin'i Allah tamin'ny fianakavianao?"

Namaly izy hoe: "Ny maritiora dia efa lahatra (avy amin'i Allah) ho azy ireo, izany no nandraisani'izy ireo anjara (tamin'ny herimpo) ho any amin'ny toeram-pialantsasatr'izy ireo (mandrakizay). Allah dia hamory anareo, izy ireo sy ianareo, (amin'ny andron'ny Fitsanganana) ary ianareo dia hifanazava eo anatrehan'i Allah!"

Ibn Ziyad (hanozona azy anie i Allah) dia tezitra taminy ka saika hampihorohoro azy, fa saingy i 'Amr b. Horayth no nampitony azy.

Koa dia niteny àry i Zaynab nanao hoe: "Ry Ibn Ziyad. Ataovy ampy ho anao izay rehetra efa nampiaretanao anay izay. Novonoinao ireo lehilahinay, noravainao ireo fototray, nanaovanao herisetrany fianakaviako ary nobaboinao ireo vehivavinay sy ireo ankizinay! Raha izany no mampitony anao, dia eny àry, fa ampitoniana ianao (ankehitriny)!"

Noroahin'Ibn Ziyad niverina any am-ponja izy ireo ary naniraka ireo olony haingana izy mba hanambara (eny rehetra eny) ny vaovao mikasika ny namonoana an'i Houssayn (as).

### **IREO BABO SY NY LOHAN'I HOUSSAYN (AS) NENTINA NANKANY DAMAS**

Avy eo izy dia nanome baiko mba hanomanana an'ireo babo sy ny lohan'i Houssayn (as) ka nasainy ho entina hatrany Syria. »

Ny mpitantara: andian'olona iray izay niaraka tamin'ireo babo teny an-dàlana dia nitantara tamiko fa tamin'ireo andro alina, izy ireo dia nahare feona jiny mitomany sy mitarain'alahelo an'i Houssayn (as) hatramin'ny andro maraina.

Nilaza tamiko ihany koa izy ireo hoe: « Nony tonga tao Damas izahay, dia nampidirina (tao an-tanàna) ireo vehivavy sy ireo babo miaraka amin'ny tarehy tsy misy saron-doha. Tamin'izany fotoana izany, ireo olona ratsy toetra tao Syria dia vaky vava niteny hoe: "Izahay dia mbola tsy nahita mihitsy olona babo tena tsara tarehy mihoatra an'ireto. Fa iza moa ianareo?"

Soukayna b. Houssayn (as) no namaly nanao hoe: "Izahay no babo avy amin'ny fianakavian'i Mohammad."

Izy ireo dia nohidiana eo amin'ny lâlan'ny moske, toerana izay mahazatra hanidiana an'ireo voafonja. 'Ali b. Houssayn (as), izay mbola zatovolahy tamin'izany fotoana izany, dia anisan'ny niaraka tamin'izy ireo. Lehilahy antitra iray avy amin'ireo mponina tao Syria no tonga nanatona azy ireo sy niteny tamin'izy ireo hoe: "Voninahitra anie ho an'i Allah izay namono anareo, izay namotika anareo sy izay nandevona ireo fototry ny mpikomy." Ary dia nanohy naniratsira azy ireo toy toy izany hatrany izy.

Nony vita izany, dia hoy i 'Ali b. Houssayn (as) taminy hoe: "Tsy mba namaky ny Bokin'i Allah, Ilay Tsitoha sy Avo Indrindra, angaha ianao?"

Namaly ilay lehilahy antitra hoe: “Fa tokoa moa.”

Ary hoy i ‘Ali b. Houssayn (as) taminy hoe: “Tsy novakianao angaha ilay andininy manao hoe: [Tsy mangataka tambiny aminareo amin’izany aho afa-tsy ny fitiavana ireo havana akaiky]<sup>1</sup>? ”

Namaly ilay Rangahy hoe: “Eny tokoa.”

Niteny taminy i ‘Ali b. Houssayn (as) hoe: “Koa izahay no tiana hambara amin’izany.” Avy eo izy nanohy ny teniny hoe: “Tsy novakianao ve ilay andininy hoe: [**Ary omeo ny havana akaiky izay tokony ho anjarany**]<sup>2</sup>? ”

Namaly ilay Rangahy hoe: “Eny tokoa.”

Niteny taminy i ‘Ali b. Houssayn (as) hoe: “Koa izahay no tiana hambara amin’izany.” Avy eo izy nanohy ny teniny hoe: “Tsy novakianao ve ilay andininy hoe: [**Ny hanalany fahalotoana aminareo no tadiavin’i ALLAH, ryfianakavian’ny Mpaminany, ary ny hanadio anareo tanteraka.**]<sup>3</sup>? ”

---

<sup>1</sup> Ny Kor’âny masina 42 :23

<sup>2</sup> Ny Kor’âny masina 17 :26

<sup>3</sup> Ny Kor’âny masina 33 :33

Namaly ilay Rangahy hoe: “Eny tokoa.”

Niteny taminy i ‘Ali b. Houssayn (as) hoe: “Koa izahay no tiana hambara amin’izany.”

Tamin’izay, ilay syriana dia nanandratra ireo tànany teny amin’ny lanitra ka namerina in-telo ny hoe: “Ry Allah ô, mifona Aminao aho.” Ary nanohy ny teniny nanao hoe: “Ry Allah ô, izaho dia mankahala an’ireo fahavalon’ny fianakavian’i Mohammad sy ireo izay namono an’ireo Ahl al-Bayt an’i Mohammad. Izaho dia namaky ny Bokinao Kor’âny ihany, kanefa tsy nahalala izany akory nialohan’izao andro izao.”

Taorian’izany, ireo vehivavin’i Houssayn (as) dia nentina teo anatrehan’i Yazid b. Mo’awiyah. Tamin’izay, ireo vehivavy avy amin’ny fianakavian’i Yazid, ireo zanakavavin’i Mo’awiyah sy ny fianakaviany dia nikiakiaka, nitomany sy nalahelo sy nanao fivoriam-pisaonana. Ny lohan’i Houssayn (as) dia napetraka teo anatrehan’i Yazid. Fa niteny i Soukayna hoe: “Ifantàna amin’i Allah fa, izaho dia tsy nahita mihitsy olona manana fo vato toa an’i Yazid, na ny jentilisa na ny mpanompo sampy, dia tsy ratsy fanahy sy mafy loha mihoatra azy.”

Teo ampijerena ilay lohan' [i Houssayn (as)], i Yazid dia niteny hoe:

“Ary enga anie ireo Razambeko (izay novonoina) tao Badr mba ho vavolombelona Ny fahorian’ireo Khazraj manoloana an’ireo sabatra tsy toko tsy forohana.”

Avy eo izy dia nanome baiko mba hametahana ny lohan’i Houssayn (as) eo ambony varavaram-(ben’ny) mosken’i Damas. »

Nisy nitantara fa i Fatima b. ‘Ali (as) dia nilaza hoe: « Rehefa nasaina napetraka teo anatrehan’i Yazid b. Mo’awiyah izahay, dia nalemy fanahy taminay ihany izy tamin’ny voalohany sy nangoraka. Avy eo, nisy lehilahy iray mena (endrika) avy amin’ireo mponinan’i Damas, no nitsangana sy niteny hoe: “Ô ry filohan’ireo mpino, omeo ahy ity tovovavy ity!” sady nanondro ahy izy!

Izaho moa dia tovovavy nahafatifaty. Nangovitra aho (nohon’ny tahotra) ary noheveriko fa izany dia fomba azo atao eo amin’izy ireo. Nofikiriko noho izany ny lamban’ny rahavaviko, izay lehibe noho izaho sy kinga saina kokoa. Ary niteny izy (tamin’io lehilahy Syriana io) hoe: “Ifantàna amin’i Allah fa milaza diso ianao. Voaozona anie

ianao! Na ianao na izy dia tsy manan-jo amin'izany!”

Tezitra tamin'izany i Yazid (hanozona azy anie i Allah) ka niteny hoe: “Ifantàna amin’i Allah fa, mandainga ianao! Raha te hanao izany aho dia hataoko tokoa!”

Fa hoy izy hoe: “Ifantàna amin’i Allah fa, tsia! Allah dia tsy nanome zo anao hanao izany raha tsy efa nitsipaka ny finoantsika ianao no sady manaraka ny finoana hafa ankoatry ny antsika!”

(Teo am-pandrenesana izany,) i Yazid (hanozona azy anie i Allah) dia nentinkatezerana ka niteny hoe: “Tahak’izao ve no ataonao amiko eo anatrehako?! Ny Rainao sy ny anadahinao no nitsipaka ny finoana!”

Fa hoy izy hoe: “Tamin’ny alalan’ny finoan’i Allah, sy an’ny anadahiko, sy an’ny Raiko ary an’ny Raibeko no nitarihana anareo, ianao sy ny raibenao ary ny rainao!”

Dia hoy izy: “Milaza diso ianao, ry fahavalon’i Allah!”

Fa hoy izy hoe: “Ianao no filoha iray izay maniratsira tsy ara-drariny sy manao tsindry hazolena eo amin’ny fitondranao!” »

Nilaza [i Fatima b. ‘Ali (as)] hoe: « Nangina tsy nahateny izy (hanozona azy anie i Allah) tahaka ny olona menatra.

Ilay lehilahy mponin’i Damas (hanozona azy anie i Allah) dia nangataka indray hoe: “Ry Filohan’ireo mpino, omeo ahy ity tovovavy ity!”

Hoy (i Yazid) hoe: “Mandehana any ianao! Hamono anao tampoka anie i Allah!” »

4-Mohammad b. ‘Ali al-Majilawayh (hamindrafo aminy anie i Allah) dia nilaza tamiko nanao hoe:

(Nisy nitantara avy tamin’i) Mohammad b. ‘Ali al-Qassim avy tamin’i Mohammad b. ‘Ali al-Koufi avy tamin’i Nasr b. Mozahim, avy tamin’i Loth b. Yahya avy tamin’i Harith b. Ka’b avy tamin’i Fatima b. ‘Ali (ireo tsodranon’i Allah anie ho amin’izy ireo):

« Ary nanome baiko i Yazid (hanozona azy anie i Allah) mba hanidiana an’ireo vehivavin’i Houssayn (as) miaraka amin’i ‘Ali b. Houssayn (as), ao amin’ny toerana mihidy iray izay tsy miaro amin’ny hafanana no tsy miaro amin’ny hatsiaka, amin’izay (ny hoditry ny) tavan’izy ireo dia hihofaka.

Tsy nisy vato iray avy amin'ny Moske Masina (ao Jerosalema) ka raha bataina amin'ny tany dia tsy hisy rà velona mivoaka eo ambaniny. Ireo olona dia nahita ny taramasoandro miloko mena eo amin'ny tafotranon'izy ireo, sahala amin'ny norakofana lamba miloko mena eo aminy, mandra-pialan'i 'Ali b. Houssayn (as) sy ireo vehivavy (tao amin'izany toerana izany) sy namerenan'izy ireo ny lohan'i Houssayn (as) tany Karbala. »

5-Mohammad b. Hassan b. Ahmad b. al-Walid (hamindrafo aminy anie i Allah) dia nilaza taminay hoe:

Hassan b. Mattil al-Daqqaq dia nilaza taminay hoe:

Ya'qoub b. Yazid dia nilaza taminay hoe:  
(Nisy nitantara avy tamin'i) 'Ali b. Hassan b. 'Ali b. Fadhdhal avy tamin'i al-Daylamy, dia i Solayman, avy tamin'i 'Abdallah b. Latif al-Taflissi: al-Sadiq Abou 'Abdillah Ja'far b. Mohammad (as) nilaza nanao hoe:

« Rehefa nokapohina tamin'ny sabatra i Houssayn b. 'Ali (as), ka nianjera (avy teo ambony soavaliny) ary nisy ny nanapaka ny tendany, dia nisy feo avy amin'i Allah, Ilay Tsitoha, Ilay Mendrim-piderana sy Avo Indrindra, no niantso mafy nivoaka avy tao

amin'ilay Seza fiandrianan'(i Allah) nanao hoe: "Ry vahoaka mikorontana sy very lalana taorian'ny (nahafatesan'ilay) Irany! Allah anie tsy hanome ho anareo fahombiazana amin'ny *aïd-oul-adha* sy amin'ny *aïd-oul-fitr!*" »

Avy eo i Abou 'Abdillah nanohy ny teniny hoe: « Ifantana amin'i Allah fa, marina dia marina, izy ireo dia tsy nahazo fahombiazana no sady tsy hahazo izany velively, mandrapisehoan'ilay mpanao valifatin'i Houssayn (as). »

Ireo tso-dranon'i Allah anie hirotsaka amin'ilay Irany i Mohammad sy ny fianakaviany, ireo madio fo amam-panahy.

# **FIZAHAN-TAKELAKA**

## **AMIN'NY ANTSIPIRIANY**

<b>FIZAHAN-TAKELAKA.....</b>	<b>6</b>
<b>SASINTENIN'NY MPAMOAKA BOKY .....</b>	<b>7</b>
<b>SASINTENIN'NY MPANDIKA TENY .....</b>	<b>9</b>
ILAY BOKY AL-AMALI .....	9
FAMPAHAFANTARANA AN'NY CHEIKH SADOUQ .....	10
FANAMARIHANA VITSIVITSY .....	13
FISAORANA .....	15
NY TETEZAN'OLONA NIAMPITAMPITAN'NY FOTOTRY	
NY TANTARA.....	16
<b>TOKO VOALOHANY HOUSSAYN (AS) TAO MADINA..</b>	<b>18</b>
NY FARAHAFATR'I MO'AWIYAH .....	18
NY FAHAFATESAN'I MO'AWIYAH .....	19
HOUSSAYN (AS) TAO AMIN'I 'OTBAH .....	20
NY TARATASIN'I 'OTBAH HO AN'I YAZID .....	21
NY VALITENIN'I YAZID .....	22
HOUSSAYN (AS) TAO AMIN'NY MOSKEN'ILAY	
MPAMINANY.....	22
NY FIALAN'I HOUSSAYN (AS) TAO MADINA .....	23
NY FIHETSIK'I 'ABDALLAH B. 'OMAR.....	24
<b>TOKO FAHAROA HOUSSAYN (AS) EO AM-</b>	
<b>PANDEHANANA MIZOTRA MANKANY KOUFA .....</b>	<b>26</b>
THA'LABIYYAH.....	26
'OZAYB .....	27
ROHAYMA .....	27
NY FAHATONGAVAN'I HORN TAO ROHAYMA .....	28
QOTQOTANA .....	31

<b>TOKO FAHATELO HOUSSAYN (AS) TONGA TAO</b>	
<b>KARBALA.....</b>	<b>33</b>
‘OMAR B. SA'D NIRAHINA HO ANY KARBALA .....	33
FAHATONGAVAN'I SHIMR NITONDRA TARATASY HO AN'IBN SA'D .....	34
<b>TOKO FAHEFATRA IREO ZAVA-NITRANGA NY ALIN'NY ACHOURA .....</b>	<b>36</b>
TORITENIN'NY IMAM HOUSSAYN (AS) NY ALIN'NY ACHOURA .....	36
NY FIHETSIK'IREO MPANARA-DIA .....	37
FAMATSIANA RANO.....	38
<b>TOKO FAHADIMY NY ANDRON'NY ACHOURA .....</b>	<b>40</b>
ZAVA-MAHAGAGAN'NY IMAM HOUSSAYN (AS).....	40
FAHAGAGAN'NY IMAM HOUSSAYN (AS) .....	41
NY VONINAHITR'I HOUSSAYN (AS).....	42
LAHATENIN'I BORAYR B. KHODHAYR .....	43
TORITENIN'NY IMAM (AS) .....	45
NY FIBEBAHAN'I HORR B. YAZID.....	48
MARITIORAN'I HORR B. YAZID .....	49
MARITIORAN'I ZOHAYR B. QAYN .....	50
MARITIORAN'I HABIB B. MOZAHIR .....	51
MARITIORAN'I ‘ABDALLAH B. ABI ‘ORWAH AL-GHIFFARI .....	51
MARITIORAN'I BORAYR B. KHODHAYR .....	52
MARITIORAN'I MALIK B. ANASS.....	52
MARITIORAN'I ZIYAD B. MOHASSIR.....	53
MARITIORAN'I WAHAB B. WAHAB .....	54
MARITIORAN'I HILAL B. HAJJAJ .....	55
MARITIORAN'I ‘ABDALLAH B. MOUSLIM B. ‘AQIL .....	55
MARITIORAN'I ‘ALI B. HOUSSAYN .....	56
MARITIORAN'I QASSIM B. HASSAN.....	57
MARITIORAN'NY IMAM HOUSSAYN (AS) .....	58

<b>TOKO FAHENINA IREO BABO TAORIAN'NY NAHAMARITIORA AN'NY IMAM HOUSSAYN (AS) ....</b>	<b>60</b>
NY VAOVAO MIKASIKI NY NAHAMARITIORA AN'I HOUSSAYN (AS).....	60
NY NIAFARAN'ILAY NAMONO AN'NY IMAM (AS) .....	61
IREO HAVANA AKAIKIN'NY IMAM (AS) TAO KOUFA .	62
IREO RATRAN'NY IMAM (AS).....	62
FANDROBANA AN'IREO TRANOLAY .....	64
IREO BABO TEO ANATREHAN'IBN ZIYAD .....	65
IREO BABO SY NY LOHAN'I HOUSSAYN (AS) NENTINA NANKANY DAMAS.....	68
<b>FIZAHAN-TAKELAKA AMIN'NY ANTSIPIRIANY .....</b>	<b>77</b>



# **Ny loza nanjo an'i Houssayn (as)**

## **Cheikh Sadouq**

Niteny Ibn Ziyad hoe: "Ahoana ny fitsaranao izay (zava-nanjo) nampiharin'Andriamanitra tamin'ny fianakavianao?"

Namaly izany i Zaynab hoe: "Ny maritiora dia efa lahatra (avy amin'Andriamanitra) ho azy ireo, izany no nandraisan'izy ireo anjara (tamin'ny herim-po) ho any amin'ny toeram-pialantsasatr'izy ireo (mandrakizay). Andriamanitra dia hamory anareo, izy ireo sy ianareo, (amin'ny andron'ny Fitsanganana) ary ianareo dia hifanazava eo anatrehan'Andriamanitra!"



9 782376 570158

